S.M.M.
Syndicat des Magistrats de Madagascar

Antananarivo, le 06 avril 2017

FANAMBARANA

Ny SENDIKA NY MPITSARA ETO MADAGASIKARA (SMM) dia manao izao fanambarana izao fa amin'ny maha tany tan-dàlana an'i Madagasikara, dia :

- Mitaky izahay ny fampiharana ny làlana 2004-030 nivoaka ny 09 septambra 2004 mikasika ny BIANCO, nasiam-panovana araka ny làlana 2016-022, izay miantoka ny fahaleovan-tenany tanteraka; mametraka ny tsy fitsabatsabahan'ny Fahefana Mpanantanteraka sy ny Fitsarana raha mbola eny anivon'ny fanadihadiana sy famotorana eny amin'io Sampan-draharaha io ny raharaha;

Noho izany tsy ekenay mba ho fampiharana io làlana io ny fitsabahana na iza na iza amin'io raharaha io fa aoka avela hiasa malalaka ny mpanao famotorana. Satria, tsy mbola mahakasika ny Fitsarana ny raharaha ankehitriny, dia tandrovinay SMM izay tsy fitsabahana sy faneriterena ary ny tsindry rehetra amin'ny fotoana mety hahatongavan'io raharaha io ety amin'ny Fitsarana. Izahay dia hanara-maso akaiky izany.

FANAMBARANA

Ny SENDIKA NY MPITSARA ETO MADAGASIKARA (SMM - Syndicat des Magistrats de Madagascar) dia manao izao fanambarana izao fa amin’ny maha tany tan-dàlana an’i Madagasikara, dia:

- Mitaky izahay ny fampiharana ny làlana 2004-030 nivoaka ny 09 septambra 2004 mikasika ny Bureau indépendant anti-corruption na BIANCO, nasiam-panovana araka ny làlana 2016-022, izay miantoka ny fahaleovan-tenany tanteraka; mametraka ny tsy fitsabatsabahan’ny Fahefana Mpanantanteraka sy ny Fitsarana raha mbola eny anivon’ny fanadihadiana sy famotorana eny amin’io Sampan-draharaha io ny raharaha;

Noho izany tsy ekenay mba ho fampiharana io làlana io ny fitsabahana na iza na iza amin'io raharaha io fa aoka avela hiasa malalaka ny mpanao famotorana.

Satria, tsy mbola mahakasika ny Fitsarana ny raharaha ankehitriny, dia tandrovinay SMM izay tsy fitsabahana sy faneriterena ary ny tsindry rehetra amin'ny fotoana mety hahatongavan'io raharaha io ety amin'ny Fitsarana. Izahay dia hanara-maso akaiky izany.

- Tsy ekenay ny herisetra amin'ny endriny rehetra atao amin'ny Mpiasam-panjakana sy ny biraom-panjakana;

- Tsy manaiky lembenana amin'ny fanorohorona sy tsindry isan-karazany na avy amin'iza na avy amin'iza;

-Mamerina hatrany ny fametrahana ny fahaleovan-tena ny Fitsarana ary manameloka ny fomba rehetra atao hanohitohinana izany;

- Mamerina ihany koa ny maha tany tan-dàlana ny Firenena Malagasy araka ny

ambetin-tenin’ny Filohan’ny Repoblika;

- Manamafy fa araka ny didy aman-dàlana dia tsy tokony hitsabahana ny raharaham-pitsarana ary tokony hajaina mandrakariva ny Làlam-panorenana sy ireo làlana manan-kery rehetra;

- Manamarika ny SMM fa ny endrika fitsabahana amin’ny famotorana toy izao atao amin’ny BIANCO izao dia toherinay.

- Rehefa ho tonga eny amin’ny Fitsarana ny raharaha dia hanara-maso akaiky ny fizotrany ny SMM.

- **Raha nanao iny fanambarana iny ny Ministra dia ny heviny no nambarany fa tsy hevitrin’ny Mpitsara Malagasy**
;

Noho izany, miantso ny Vahoaka Malagasy rehetra mba ho tony izahay Mpitsara mivondrona

ato amin’ny Sendika.

Mankahery ny Mpitsara rehetra sy ny Tompon’andraikitra mpampihatra làlana rehetra ary mamporisika hatrany ny handraisan’izy ireo ny andraikitra izay napetraky ny làlana aminy: Mpitandro ny Filaminana ao anatin’izany.

Manohana tanteraka ny ezaka rehetra nataon’ny Tompon’andraikitra ny BIANCO amin’ny fametrahana ny tany tan-dàlana.

Miantso sahady ireo Mpitsara fa hisy fivoriambe tsy ara-potoana izay hatao.

Miantso ny Fitondram-panjakana mba handray fepetra hanajanonana ny firongatry ny “vindictes populaires” izay mahazo vahana eto amin’ny firenena;

Misaotra indrindra.

Ny Birao

Antananarivo, 06 Avril 2017

****

CHARLES ANDRIAMISEZA

Minisitry ny Fitsarana



REPUBLIQUE DE MADAGASCAR
Fitiavana-Tanindrazana-Fandrosoana

BUREAU INDEPENDANT ANTI-CORRUPTION

FANAMBARANA

Mba hisian’ny fitonlana eto amin’ny firenena sy hanazavana ny salm-bahoaka dia manao izao fanambarana izao ny BIANCO :

Ny BIANCO dia fatra-panara-dalàna na dia mahaleo-tena aza. Hamafisinay fa manaraka ny didy aman-dalàna avokoa ny fizotry ny asa atao eto amin’ny Birao.

Mikasika ny fanambarana nataon’Andriamatoa Mpitahiry ny Fitombon-kasem-panjakana, Minisitry ny Fitsarana omaly tamin’ny 11 ora alina, izay nilatsaka toy ny varatra tokoa dia heverinay fa voafitaky ny mpisolo vavan’ny fiarovana izy. Mazava loatra fa io mpisolovava io dia miandany amin’ny olona arovany.

Andriamatoa Minisitra rahateo tsy nanao fanamarinana na nanontany vaovao taty aminay nahafahanay namelabelatra taminy ny fizotry ny raharaha mialoha ny nanaovany iny filazana iny.

Ambaranay fa ny fanapahan-kevitra rehetra raisina mahakasika ny fanadihadihana momba raharaha goavana toy itony, izay ataon’ny Birao, dia tontosaina eo ambany fitarihana sy fanaraha-mason’ny Tale Jeneraly avokoa.

Fa amin’ny lafiny ara tekinika sy araky ny lalàna kosa dia izao no zava misy marina sy azo ambara :

Nahazo fitarainana dimy avy amin’olon-tsotra sy tatitra iray mahakasika ahiahy famotsiam-bola avy amin’ny SAMIFIN ny BIANCO mahakasika an’i Ramatoa Claudine RAZAIMAMONJY.

Voatery nosamborina izy rehefa tsy namaly ny fiantsoana am-panajana nifanesy nomena azy.

Natao andry maso na « garde à vue » voalohany izy mikasika ny raharaha nanaovan’ny Biraom-paritr’ Antananarivo fanadihadihana azy.

EO NY FANAMBARANA FENO